REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » 24 MARTSA 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY KA TANY AMIN'NY TOERAM-PIASANY AVOKOA IREO MINISITRA NO NANATRIKA TAMIN'NY ALALAN'NY FAHITALAVITRA SY ANTSO ANTARIBY MIARAKA LAMINA ARA-TEKNIKA NY FIVORIANA NATAO ANDROANY FAHA 24 MARTSA 2021 NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA :

### NOHAMAFISINA IREO FEPETRA HIADIANA AMIN'NY VALANARETINA COVID-19

Nohamafisina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny fepetra rehetra noraisina ary ny paika sy ny drafitra hoentina miatrika ny ady amin'ny fihanahan'ny valanaretina COVID-19 izay hihatra manomboka ny alatsinainy izao :

### AMPITOMBOINA IREO TOERANA MANDRAY MARARY SY IREO FITAOVANA FIAROVANA IADIANA AMIN' NY VALANARETINA :

Hiatrehana izay mety ho fitombon'ny olona mety hiomboan'ny aretina dia ampitomboana ny toerana handraisana ireo marary raha eto an-drenivohitra no resahana. Ivato, toerana nametrahana ny CCO, no handray ireo marary hanampy ny hopitaly sy ny Village Voara izay efa mandray ireo marary misy fahasarotana.

Ampitomboana ary aparitaka manerana ireo faritra ianjadian'ny valanaretina ireo fitaovam-piarovana ho an'ny mpitsabo sy ny mpiasan'ny fahasalamana mandray mivantana ny mararin'ny COVID-19. Hampitomboana ny test atao isaky ireo toerana ahiana hiakaran'ny valanaretina, homem-pitaovana ireo toerana rehetra mandray marary, hamafisina ny fizarana fanafody hoenti-mitsabo maimaimpoana ny aretina COVID-19 eny amin'ireo CSB sy toerana madray marary rehetra isaky ny faritra.

### HANOMBOKA RAHAMPITSO NY FIZARANA NY CVO PLUS HO AN'NY MPITANDRO NY FILAMINANA

Hanomboka rahampitso ny fizarana ireo CVO plus natolotra ireo mpitandro ny filaminana noho izy ireo miatrika mivantana ity valanaretina amin'ny fampiharana ireo fepetra isan-tsokajiny raisin'ny fitondram-panjakana. Ireo mpiasan'ny fahasalamana rehetra miatrika ny COVID-19 dia mahazo izany ihany koa, ary ireo sokajin'olona mandray olona dia tsy maintsy

mampitombo ny hery fiarovana ao anatin'izy ireo amin'ny alalan'ny fandraisana ny CVO Plus.

**FIZARANA NY KARINEM-POKONTANY VAOVAO MANERANA AN'ANTANANARIVO RENIVOHITRA** :

Hifarana afaka 25 andro ny fitsinjarana ireo karinem-pokontany ato anatin'ny tananan'Antananarivo Renivohitra. Efa miroso ny asa fandrindrana izany miaraka amin'ny tanànan'Antananarivo sy ireo distrika mandrafitra azy, ary hiitatra makany amin'ny faritra izany rehefa vita ny eto an-drenivohitra.

**FANAMPIANA AVY ANY AMIN'NY FIRENENA SINOA:**

Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ary nankatoavina ny fanampiana azo avy amin'ny fitondrana sinoa ho an'i Madagasikara hoentina matanteraka tetikasa maro manerana ny Nosy.

## II- FANDANIANA VOLAVOLAN-DALANA SY DIDIM-PANJAKANA :

**Araka ny tolo-kevitry ny Fiadidiana ny Governemanta :**

Noraisina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra androany ny didim-panjakana mamarana ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimiera roa tonta.

## III- FANENDRENA :

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**Araka ny tolo-kevitry ny Fiadidiana ny Repoblika**

- **Atoa RAJAONARISON Mamitiana**, dia voatendry ho Tale jeneralin'ny SAMIFIN.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny ati-tany sy ny fitsinjaram-pahefana**

- **Ratoa RAZAFIMANANTSOA Mirana Miarimanana**, dia voatendry ho Tale Jeneraly lefitra ao amin'ny BNGRC.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena :**

- **Atoa. RAFEFIMANANA Sambilason Richard**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Patrimoine Foncier et des Infrastructures. »

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fitaterana, ny fizahantany ary ny famatarana ny toetrandro**

- **Ratoa RANDRIANARIVO Iravaka Helitiana**, dia voatendry ho Tale misahana ny fitaterana antanety. .
- **Atoa RAKOTONDRAVOHITRA Danielina Nisa**, dia voatendry ho Tale misahana ny « Etudes, des Recherches et de la Formation »

# IV - FANAFOANANA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manafoana ny fanendrena ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina :**

Foana ny didim-panjakana laharana 2019-1243 tamin'ny 06 jona 2019 nanendrena ny Tale misahana ny « Infrastructures Techniques ao amin'ny ORTM.

**Natao androany faha 24 Martsa 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**